# FANEHOAN'I

# BONIFACE


2


VILLE
MATERNELLE
3


4




VILLE
MATERNELLE
6


7


8




10

# FANEHOAN'I BONIFACE

Indray andro nisy ankizikely anankiray antsoina hoe Boniface, izay nonina tany ambanivohitry ny Madagasikara. Ny tranony dia ahitana zavatra rehetra: lakozia, trano fidiovana ary efitra fatoriana; tsy izay ihany anefa fa misy zaridaina izay iompiana ny omby sy ny akoho izay ahafahan'izy ireo miaina malalaka ary tanimboly iray lehibe izay hijeren'ny Boniface matetika ny asan'ireo mpamboly akaiky aminy. Ankoatr'izay i Boniface dia manana namana anankiray antsoina hoe Woef; raha ny tena izy dia alika kely anankiray io izay mahafinaritra azy ny milalao miaraka aminy sy manafosafo azy matetika.

Eo ihany koa, ny andavanandrom-piainan'i Boniface dia ary an-dakilasy miaraka amin'ny zokiny vavy sy ny namany Woef, satria ny mamany sy ny dadany dia any andrenivohitra avokoa. Ny lalana nandeha tany an-dakilasy ~~taloha~~ dia tena tsara, ary tsara endrika ny nanjelatra ny zava-boary: ny tany mena toy ny afo, ny voninkazo maitso mavana any ny lanitra dia fotsy manjopiaka anahina rahona fotsy izay faly manaloka tsikelikely ny masoandro.

## FAKO / FITAOVAM-PANODINANA

Tsy hoatra an'izao anefa ny zava-nisy taloha raha ny zavatra tantarainy an'i Woef matetika, ny fotoana andehanana any an-dakilasy (matetika) raha ny tena marina sarotra, satria tsy nisy olona afaka nandeha tongotra lavitra ohatran'izany. Feno fako mampidi-doza ho an'ny tongon'ny olona sy ny tongotry ny biby. Nisy vaky tavoangy sy ny mararitra, ankoatr'izay, feno fako sy plastika ary taratasy miavoavo toy ny vohitra, izay anin'ireo mpandeha tongotra amin'ny làlana, izay hita eny amin'ny manodidina eny ny renirano sy ny tanimbary. Ankoatr'izay dia tsy misy hazo afaka miaina sy voankazo lehibe sy tsara intsony. Ny trondro sy ny biby lava dia manomboka maty isan'andro isan'andro.

Indray andro anefa nenaka ny mponina nahita ny zava-nitranga ary nanomboka niadi-hevitra isan'andro. Izay nanampahan'ny zareo hevitra ny hanao zavatra mba hamonjena ny zava-boahary izay nampijaly mafy izay tamin'iny fanan'ny taona iny. Nandray fanapahan-kevitra ny fianakavian'i Boniface na lehibe na kely, ny hivoaka ny trano mba handio ny lalana izay manbany andakilasy sy ny any ambanivohitra. Ary eo afaka nandeha any andakilasy am-pilaminana daholo ny ankizy rehetra ny andro iny, mitovy amin'izany ihany koa ny ray aman-dreny izay miasa.
Ny biby sy ny hazo ihany koa dia nanomboka niaina tsara sy tsy dia maro maty tanora.

Tsy ny tontolo iainana fotsiny anefa no madio antenaina, fa ny taona ho avy; misaotra ny fitaovana rehetra na kely na lehibe izay niaro sy nikolokolo ny tontolo iainana, ny dona dia nanomboka nanamboatra fitaovana sasany izay tena ilainy.
Any an-dakilasy, ohatra, i Boniface mianaka amin'ireo namany mpiara-mianatra, ampian'ireo mpampianatra hanamboatra haingo maro ho an'ireo trano fianarana samihafa, daba ho an'ny fako sy ho an'ny fitaovana, ny kilalao, fitaovana mozikaly ary ny hafa maro.
Maro zavatra tsara raha manamboatra zavatra mianaka amin'ny baorisa, plastika, lamba, taratasy, ary ny hafa maro

Manahoana rankizy, amin'izao isika ihany koa dia hanamboatra fitaovana ilaina ato an-dakilasy ary ho antsika, ny kilalao mianaka amin'ny fanampian'ny mpampianatra. Mazotoa miasa!

# COMPOST

Raha ny marina i Boniface sy Woef dia tena mpinamana mihintsy. Mpiara-mivoaka matetika izy ireo, mandeha tongotra, ary maka fotoana lava hilalaovana baolina eny an-jaridaina. Indray andro anefa i Boniface nandaka mafy ny baolina ary tsy hita izy avy eo. Adiny iray nefa ny nitadiavan' izy ireo ka tsy hita ny baolina. Ha izany aza henon' i Boniface ny fivovon' ny Woef izay mafy ka nataotra izy sao dia naratra ny tongotry ny Woef. Nihazakazaka mafy izy nankeny amin' ny namany ary hitany koa ny baolina avy eo, hazo nifampikapoka nefa no nisy.
Nisy inona? Tsy nisy inona fa trano fatorian' i Woef, satria izy mantetika tia matory eo anbaikin' ny varavarana mivoha na ambany varavaran' ny trano. Tena mahagaga fa, ~~fa~~ ty indray mitoraka ty izy no hita matory tao anatin' ny trano namboarina ho azy.

Iny andro iny no hiresahika malaky amin' ireo mpamboly izay miasa eo anbaikin' ny tranon' i Alexandre. Fa tehahafantatra aho hoe amin' ny fotoana manao abory no ilaina io dabahazo io ary indrindra, iza no hamboatra azy. I Boniface dia nanelro zavatra lehibe rehefa nifampiresaka izy sy Alexader: izay naahabasika ny fitaovana any an-jaridaina amin' ny dabahazo miardsa amin' ireo fako izay antsoina hoe compost.
Io fitaovana io dia efa namboarin' i Alexander tamin' ny taona lasa izay nanampy tamin' ireo vonikazo maro eny an-Tanimboly mba hampitombo malaky sy hahamafy azy. Izany dia nanome trino tsara ho an' ireo ravi-maintro sy treo voan-kazo, izany dia avy amin' ny zezika.

Ny zavatra voalohany dia, ny compost nofaronin' i Alexander tamin' ny alalan' ny tapan-kazo, patnika ary marto. Rehefa nandeha ny andro, herin' andro, ny volana dia nanombona mameno tsikelikely ireo ravina maina, ireo voan-kazo lo, ireo hodi-banina, (izay) sakafo tsy lany izay karakaran' ny fianakavian' i Boniface isan' andro.

~~Tsy indray mandeha~~

Tsy isaky ny orana ihany i Alexander nomanao anazy fa na maina aza ny andro dia asiany rano tsibelibely ny fako voangona mba ho tsara sy hanampy ny bibibely hiaina tsara sy hiasa tsara ao anatiny. Hoatr' izay rehefa atao ao anatin' ny fahavaretana sy ny fotoana tava, izany dia niverimberina tao anatin' ny taona. Ary ny farany dia tonga tamin' ny anjaran' i Boniface. Indray andro (~~Alexo~~) i Boniface nampian' i Alexander sy Wof nametraka ny compost teny an-jaridaina (~~izay ao anatin' ny~~) ary andro vitsivitsy taty aoriana, ny voninkazo rehetra dia lasa natanjaka, lehibe ary lasa feno voany.

Abary ianbizy, andraman-tsika miaraka ary ny fanamboarana compost izay anampian' i José sy ireo mpampianatra. Ilain-tsika ireo fitaovana maro sy abora ary ao anatin' ny herin' andro maro no ijeren-tsika azy, inona ny zavatra hisy hoenti-tsika hanampy sy hampitombo azy tsara. Mazotoa miasa!